

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**ASSEMBLEE NATIONALE**

**LOI n° 99-029**

autorisant la ratification de l'Accord de Prêt conclu le 13 juillet 1999  
entre la REPUBLIQUE DE MADAGASCAR et le FONDS AFRICAIN  
DE DEVELOPPEMENT relatif au financement du PROJET SANTE II

**EXPOSE DES MOTIFS**

Le Gouvernement a, dans le cadre de la réalisation de la Politique Nationale de Santé, mis en place le Plan Directeur de la Santé qui est un dispositif de coordination financière de la mise en oeuvre des orientations générales de ladite Politique. Faisant appel à diverses sources de financement dont le Gouvernement, ce Plan Directeur de la Santé a encore un besoin de Financement (Gap) de l'ordre de 14 182 581 USD pour la réalisation des activités prévues pour l'année 2000, tandis que les activités complémentaires et celles programmées après 2000 sont à prendre en charge sur des financements à rechercher.

Le présent financement constitue, justement, la contribution de la Banque Africaine de Développement dans l'appui à la réalisation des activités de renforcement et d'amélioration du Secteur Santé.

Aussi, le Fonds Africain de Développement, à la suite du Projet SANTE I (FAD), et suivant Accord de Prêt en date du 13 juillet 1999, signé en son siège à Abidjan, participe-t-il au financement de ce Projet pour un montant de DOUZE MILLIONS QUATRE CENT QUARANTE MILLE (12 440 000) UNITES DE COMPTE, soit environ CENT ONZE MILLIARDS CINQ CENT SOIXANTE DIX MILLIONS (111.570.000.000 Fmg).

**I - OBJECTIFS DU PROJET**

Le projet vise à contribuer à la réalisation des objectifs quantitatifs et qualitatifs de la Politique Nationale de Santé et ceux du Plan Directeur de la Santé en améliorant l'accessibilité de la population des Districts Sanitaires les plus démunis aux soins de santé de qualité.

## **II - DESCRIPTION DU PROJET**

### **A - COMPOSANTE**

Les principales composantes du projet sont les suivantes :

- 1- Développement des services de santé de qualité au niveau des districts sanitaires, avec :
  - 52 CSB1 et 10 antennes chirurgicales de CHD1 construits, meublés, équipés et opérationnels ;
  - 5 antennes chirurgicales de CHD2 meublés, équipées et opérationnelles ;
  - 52 panneaux solaires fournis aux CSB1 ;
  - 52 stocks initiaux des médicaments essentiels (ME) fournis aux CSB1.
  - Outils de gestion des ME (600 ordinogrammes) et de recouvrement des coûts fournis.
  
- 2- Renforcement institutionnel et Développement des ressources humaines, avec :
  - Le CFSSPC meublé, équipé ; matériels didactiques et appui à la bibliothèque fournis ;
  - La DDDS dotée en équipement informatique et en documentation adéquate ;
  - 36 SSD dotés en équipements informatiques et accessoires ;
  - 57 SSD, la DEP et la DDDS dotés en système de communication radio type BLU ;
  - 31 SSD, 6 DIRDS et 8 Directions Centrales dotés en véhicules 4 X 4 d'appui et de supervision (de type bâché double cabine) ;
  - 56 motocyclettes tout terrain fournis aux SSD dans les 6 provinces du pays ;
  - 5 enseignants du CFSSPC formés à l'élaboration de curriculum ;
  - 20 personnes/mois d'assistance technique fournies.
  
- 3 - Fourniture des médicaments essentiels (ME), avec :
  - 49 LEM construits, meublés, équipés et opérationnels ;
  - 28 LEM réhabilités, meublés, équipés, opérationnels ;
  - Stock tampon des ME disponible à la SALAMA, et véhicule 4 X 4 fourni à l'inspection des ME ;
  - Formateurs des DIRDS formés en utilisation rationnelle des ME ;
  - 1887 agents communautaires et 1500 médecins prescripteurs formés en utilisation rationnelle ME ;
  - 20 personnes/mois d'assistance technique fournies.
  
- 4 - Amélioration du bien-être de la famille, avec :
  - 2700 SMI/SR (Kits d'accouchement) fournis aux Accoucheuses

- Traditionnelles (AT) ; 270 Kits de CPN et 270 Kits d'accouchement et autres matériels fournis aux CSB ;
- 8 laboratoires équipés pour le dépistage cytologique des cancers du col utérin ;
  - le service de lutte contre le paludisme (SLP) doté en équipements et moyen logistique ;
  - 19 formateurs DIRDS et districts formés en CPN et partogramme ;
  - 33 formateurs DIRDS et districts formés pour l'encadrement des Accoucheuses Traditionnelles (AT) ;
  - 540 agents CSB formés en CPN et partogramme ;
  - 540 agents CSB formés pour encadrer des AT ;
  - 2700 AT formées dans le prise en charge de l'accouchement à domicile ;
  - 64 agents CSB formés pour le dépistage des grossesses à risque ;
  - 20 bourses locales octroyées pour assistants chirurgiens ;
  - 20 bourses locales octroyées pour infirmiers anesthésistes ;
  - 64 stages en soins obstétricaux essentiels octroyés ;
  - 270 stages en accouchement pour agents CSB octroyés ;
  - 8 laborantins formés pour dépistage du cancer du col utérin ;
  - 1887 agents communautaires formés en IST (ex-MST)/SIDA, et assainissement du milieu ;
  - Séances IEC sur gestion grossesses, accouchements, et cancer du col réalisées.

#### 5 - Gestion du Projet, avec :

- La CEP dotée des locaux, du mobilier, des matériels et équipements et des frais de fonctionnement;
- Le personnel de la CEP formé à la gestion de projets.

Les Différentes composantes du projet comprennent, en partie ou en totalité, les catégories de dépenses suivantes :

- A - Etudes/Supervisions
- B - Constructions
- C - Mobilier
- D. i - Equipements/Matériels
- D. ii - Produits Pharmaceutiques
- E - Formation
- F - Assistance Technique
- G - Fonctionnement.

### **B - ORGANE D'EXECUTION DU PROJET**

Le projet sera exécuté sur une période de 60 mois, par une Cellule d'Exécution du Projet (CEP) à créer au sein du Ministère de la Santé (MINSAN).

## **C - ZONE DU PROJET**

Les activités du projet seront réalisées sur l'ensemble du territoire national.

## **III - FINANCEMENT DU PROJET**

Le coût total du projet est évalué hors taxes et hors douanes à 14,61 Millions Unités de Comptes dont :

- coût en devises: 11,41 Millions UC
- coût en Monnaies locales : 3,20 Millions UC.

Le projet sera financé conjointement par le FAD, le FAT (FONDS D'ASSISTANCE TECHNIQUE) et le GOUVERNEMENT MALAGASY suivant le plan de financement ci-après :

- FAD	12,44 Millions UC
- FAT (Don)	0,75 Millions UC
- GOUVERNEMENT MALAGASY	<u>1,42 Millions UC</u>
TOTAL	14,61 Millions UC

## **IV - CONDITIONS FINANCIERES DU PRET**

- a) **Montant** : 12 440 000 UC
- b) **Période de Remboursement** : sur 50 ans y compris un différé d'amortissement de 10 ans ;
- c) **Remboursement du Principal** :
- En 80 versements semestriels consécutifs, à raison de 1% par an entre les 11ème et 20<sup>ème</sup> années de la période de remboursement et 3% par an par la suite
- d) **Commission de Service** : 0,75% l'an sur le montant du prêt décaissé et non encore remboursé ;
- e) **Commission d'engagement** : 0,50% l'an sur le montant du prêt décaissé, commençant à courir 120 jours après la signature de l'Accord de prêt.

Aux termes de l'Article 82, paragraphe VIII de la Constitution : « La

ratification ou l'approbation de traités d'alliance, de traités de commerce, de traités ou d'accords relatifs à l'organisation internationale,... qui engagent les finances de l'Etat,... doit être autorisée par la loi ».

Tel est l'objet de la présente loi.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**ASSEMBLEE NATIONALE**

**LOI n° 99-029**

autorisant la ratification de l'Accord de Prêt conclu le 13 juillet 1999  
entre la REPUBLIQUE DE MADAGASCAR et le FONDS AFRICAIN DE  
DEVELOPPEMENT relatif au financement du “ PROJET SANTE II ”

L'Assemblée Nationale a adopté en sa séance du 08 décembre 1999 la  
Loi dont la teneur suit :

**Article premier.**- Est autorisée la ratification de l'Accord de Prêt conclu  
le 13 juillet 1999 entre la République de Madagascar et le FONDS AFRICAIN  
DE DEVELOPPEMENT relatif au financement du « PROJET SANTE II »,  
d'un montant de DOUZE MILLIONS QUATRE CENT QUARANTE MILLE  
(12 440 000) UNITES DE COMPTE.

**Art. 2.**- La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la  
République.

Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 08 décembre 1999.

**LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,**

**LE SECRETAIRE,**

**ANDRIANARISOA** *Ange Christophe F.*

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**ASSEMBLEE NATIONALE**  
*Antenimieram-pirenena*

-----  
**LALANA LAHARANA FAHA-99-029**

**Anomezan-dalana ny Fankatoavana ny Fifanarahana fampisamboram-bola tamin'ny 13 Jolay 1999 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahirim-bola Afrikana momba ny Fampanandrosoana (FAD) momba ny famatsiam-bola ny "Tetik'asa Fahasalamana II" (Projet Santé II).**

-----

**FAMELABELARANA NY ANTONANTONY**

Ny Governemanta, eo amin'ny fanatanterahana ny Politikam-pirenena momba ny Fahasalamana, dia nanoritra «plan Directeur de la Santé» hametrahana ny fepetra fandrindrana ara-bola mba ahazoana manatanteraka ny lalan-kizorana ankapoben'io politika io. Rehefa nitady loharanom-bola samihafa ka anisany ny Governemanta, dia mbola ilana famatsiam-bola (GAP) mitentina 14.182.581 US\$ io "Plan Directeur de la Santé" io, mba ahazoana manatanteraka ireo sehatr'asa novinavinaina ho an'ny taona 2000 ireo, kanefa ireo sehatr'asa famenony ireo izay mbola nalhatra ho any aorian'ny taona 2000 dia mbola hikarohana loharanom-bola hafa ihany koa.

Ity famatsiam-bola ity dia manamarina tokoa ny fandraisan'anjaran'ny Banky Afrikana momba ny Fampanandrosoana (BAD) amin'ny fanampiana fanatanterahana ireo sehatr'asa fanamafisana sy fanatsarana ny sehatra fahasalamana.

Noho izany ny Tahiry Afrikana momba ny Fampanandrosoana , tao aorian'ny « tetik'asa Fahasalamana I » (FAD) sy araky ny fifanarahana fampisamboram-bola tamin'ny 13 Jolay 1999 nosoniavina tao amin'ny Foibeny ao Abidjan, dia nandray anjara amin'ny famatsiana vola ity tetik'asa ity izay mitentina **EFATRA ALINA SY EFATRA HETSY SY ROA AMBINIFOLO TAPITRISA UNITES DE COMPTE (12.440.000 UC) izany hoe FITOPOLO SY DIMAN-JATO TAPITRISA SY IRAIKA AMBIN'NY FOLO AMBIZATO LAVITRISA Iraimbilanja (111.570.000.000 Fmg) eo**

**ho eo.**

## **I.- TANJON'NY TETIK'ASA**

Ny tetik'asa dia mikendry handray anjara amin'ny fanatanterahana ireo tanjona ara-isa sy ara-pahombiazana ao amin'ny politikam-pirenena moba ny fahasalamana sy ireo izay ao amin'ny « Plan Directeur de la Santé », amin'ny fanatsarana ny fahazoan'ny mponina izay tena sahirana fitsaboana ara-pahasalamana mahomby any amin'ny faritra ara-pahasalamana.

## **II.- FILAZALAZANA NY TETIK'ASA**

### **A.- SEHATRA**

**Ireto manaraka ireto ny sehatr'asa lehibe ao anatin'ny tetik'asa :**

**1. FAMPANDROSOANA NY FOMBA FITSABOANA MANAN-DANJA EO ANIVON'NY FARITRA ARA-PAHASALAMANA, miaraka amin'ny :**

1.1 Toeram-pitsaboana fototra 52 sy trano fandidiana 10 amin'ny Hopitaly ambaratonga 1, voavoatra, misy fanaka, fitaovana, afaka miasa.

1.2 Toeram-pandidiana 5 amin'ny hopitaly ambaratonga 2, misy fanaka, afaka miasa.

1.3 Fakana herin'aratra amin'ny masoandro 52 vatsiana ho an'ny tobim-pitsaboana 1 fototra 52.

1.4 Fetehirizam-panofofy tena ilaina 52 omena ny toeram-pitsaboana fototra 1

1.5 Fitaovana fitantanana ny fanafaody tena ilaina (6000 ordinogrammes) sy fampandraisana anjara ara-bola voazara.

**2. FANAMAFISANA ARA-DRAFITRA SY FAMPANDROSOANA NY MPIASA, miaraka amin'ny:**

2.1 Ny toeram-piofanana mpitsabo ho an'ny fahasalamam-bahoaka misy fanaka, misy fitaovana, fitaovam-pampianarana et fanampiana ny trano famakiam-boky vita.

2.2 Ny DDS mahazo fitaovana informatika sy boky fampahalalana.

2.3 SSD 36 mahazo fitaovana informatika sy kojakoja.

2.4 SSS 57, ny DEP ary ny DDDS mahazo fitaovam-pifandraisana lavitra (BLU).

2.5 SSD 31, DIRDS 6 ary Directions Foibe 8 mahazo fiara 4x4 hanaovana ny fanaraha-maso (double cabine).

2.6 Motosikileta 56 afaka mandeha amin'ny lalan-tsarotra homena ny



SSD amin'ny Faritany 6.

2.7 Mpampianatra ao amin'ny CFSSPC voaofana amin'ny toro-lalana fampianarana.

2.8 Olona 20 isam-bolana manome fanampiana ara-teknika.

### 3. FAMATSIANA FANAFODY TENA ILAINA

3.1 Trano fanotobiana fanadofy 49 vita, misy fanaka, misy fitaovana ary afaka miasa.

3.2 Trano fanotobiana fanafody 28 voavoatra, misy fanaka, misy fitaovana ary afaka miasa.

3.3. Tahiry fiandry amin'ny fanafody tena ilaina misy ao amin'ny SALAMA, ary fiara 4x4 omena ny fanaraha-maso ny fanafody tena ilaina.

3.4 Mpampiofana avy amin'ny DIRDS voaofana amin'ny ampiasana araka ny tokony ho izy ny fanafody tena ilaina.

3.5 Mpiasa 1887 avy amin'ny fiombonan'ny fokonolona ary mpitsabo mpanome baiko 1500 voaofana amin'ny fampiasana araka ny tokony ho izy ny fanafody tena ilaina.

3.6 Olona 20 isam-bolana omena fanampiana ara-teknika.

### 4.- FANATSARANA NY FIAINAN'NY RENY SY NY ZAZA

4.1 SMI/SR 2700 (fitaovam-piterahana) omena ny AT/ fitaovam-piterahana 270 ho an'ny CPN ary fitaovam-piterahana 270 sy fitaovana samihafa omena ny toeram-pitsoboana fototra.

4.2 Trano fitsirihina 8 omena fitaovana hitsirihana ny homa-miadana amin'ny fitaovam-pananahana.

4.3 Vatsiana fitaovana ny Sampan-draharaha miady amin'ny tazo.

4.4 Mpampiofana 19 avy amin'ny DIRDS sy ny faritra manodidina azy omena « partogramme » ho an'ny fiterahana.

4.5 Mpampiofana avy amin'ny DIRDS sy ny faritra manoddina omena fiofanana momba ny renin-jaza.

4.6 Mpiasan'ny Toeram-pitsaboana fototra 540 omena fiofanana momba ny fiterahana ary « partogramme ».

4.7 Mpiasan'ny Toeram-pitsaboana fototra 540 omena fiofanana momba ny renin-jaza.

4.8 Renin-jaza 2700 mahazo fiofanana momba ny fandraisana antanana ny fiterahana an-trano.

4.9 Mpiasan'ny Toeram-pitsaboana fototra voaofana momba ny haizana sarotra.

4.10 Vatsim-pianarana 20 eto an-toerana omena ny mpandidy mpanampy.

4.11 Vatsim-pianarana 20 eto an-toerana omena ireo mpamelon'aina.

4.12 Fianaranan'asa 64 momba ny fitsaboana tena ilaina ho an'ny vehivavy.

4.13 Fianaran'asa 270 momba ny fampiterahana ho an'ny mpitsabo amin'ny toeram- pitsaboana fototra.

4.14 Mpitily aretina 8 ho an'ny fitsaboana momba ny homa-miadana amin'ny fitaovam-pananahana.

4.15 Mpiasa iombonana 1887 ofanina amin'ny aretina firaisana sy ny SIDA ary ny fanadiovana ny tontolo iainana).

4.16 Fivoriana IEC amin'ny fitantanana ny haizana, fiterahana ary ny homa-miadana amin'ny taovam-pananahana.

## 5.- FITANTANANA NY TETIK'ASA, MIARAKA AMINY :

5.1 Ny Voamiera Mpanatanteraka ny Tetik'asa mahazo ny trano fiasana, fanaka, fitaovana sy entana ary saram-pandehanan-draharaha.

5.2 Ny mpiasa ny Vaomiera Mpanatanteraka ny Tetik'asa omena fiofanana momba ny fitantanana ny tetik'asa.

Mitsinjara ho toy izao ireo sehatr'asa samihafa ao anatin'ny tetik'asa, ampahany na fitambaran'ny sokajim-pandaniana izany:

A.- FANADIADIANA/FANARAHA-MASO

B.- FANORENANA

C.- FANAKA

D1.- FAMPITAOVANA

D2.- FANAFODY

E.- FAMPIOFANANA

F.- FANAMPIANA ARA-TEKNIKA

G.- FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA

### B.- VAOMIERA MPANATANTERAKA NY TETIK'ASA

Tanterahin'ny Voamiera Mpanatanteraka ny Tetik'asa (CEP) vao foronina ao amin'ny Ministeran'ny Fahasalmana ao anatin'ny 60 volana ny tetik'asa.

### C.- FARITRY NY TETIK'ASA

Tanterahina manerana ny firenena ny soritr'asan'ny tetik'asa.

## III.- FAMATSIAM-BOLA NY TETIK'ASA

- FAD	2,44	Tapitrisa Unités de Compte
- FAT (Fanomezana)	0,75	Tapitrisa Unités de Compte
- Governemanta Malagasy	1,42	Tapitrisa Unités de Compte
TOTALINY :	14,61	Tapitrisa Unités de Compte

#### IV.- FEPETRA ARA-BOLAN'NY TETIK'ASA

- a) Tetibidy : 12 400 000 Unités de Compte
- b) Vavinnadro amerenana azy : Ao anatin'ny 50 taona
- c) Famerenana ny Renivola :
- in-80 mandrotsaka isan'enimbolana mitofy, miaraka amin'ny zana-bola 1% isan-taona eo anelanelan'ny faha 11 sy 20 taona amin'ny vaninadro amerenana ny renivola ary 3% isan-taona amin'ny manaraka.
- d) Saran'asa : 0,75% ny taona iray amin'ny tetibidin'ny vola navoaka nna mbola voaverina.
- Sarany fiantohana : 0,50% amin'ny tetibidin'ny nindramina voavoaka ary tsy mbola voaverina.
- e) Sarany fiantohana : 0,50% ny taona iray amin'ny tetibidin'ny vola navoaka, manomboka ny faha 120 andro aorian'ny nanaovan-tsonia ny fifanarahana.

Araky ny andininy faha 82, andalana faha VIII ao amin'ny Lalampanorenana: « Ny fankatoavana na ny fanekena ny fanarahana izay mampiditra andraikitra ho efaina amin'ny volam-panjakana... dia dia tokony omena-dalàna amin'ny alalan'ny lalàna ».

Toy izany sy izany no antonanton'izao lalàna izao.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*  
**ASSEMBLEE NATIONALE**  
**ANTENIMIERAM-PIRENENA**

**LALANA LAHARANA FAHA 99-029**

**anomezan-dàlana ny Fankatoavana ny Fifanarahana fampisamboram-bola tamin'ny 13 Jolay 1999 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahirim-bola Afrikana momba ny Fampanandrosoana (FAD) momba ny famatsiam-bola ny "Tetik'asa Fahasalamana II" (Projet Santé II).**

Nolanian'ny Antenimieram-pirenena tamin'ny fivoriana izay nataony ny faha-8 desambra 1999 izao lalàna manaraka izao :

**ANDININY VOALOHANY :** Omen-dalana ny Fankatoavana ny Fifanarahana fampisamboram-bola tamin'ny 13 Jolay 1999 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahirim-bola Afrikana momba ny Fampanandrosoana (FAD), momba ny famatsiam-bola ny "Tetik'asa Fahasalamana II" (Projet Santé II), izay mitentina **EFATRA ALINA SY EFATRA HETSY SY ROA AMBINIFOLO TAPITRISA UNITES DE COMPTE (12.440.000 UC) izany hoe FITOPOLO SY DIMAN-JATO TAPITRISA SY IRAIKA AMBIN'NY FOLO AMBIZATO LAVITRISA iraimbilanja (111.570.000.000 Fmg) eo ho eo.**

**ANDININY FAHAROA :** Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao lalàna izao.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Antananarivo, faha-8 desambra 1999.

**NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAM-PIRENENA,**

**NY SEKTERETERA,**

**ANDRIANARISOA** *Ange Christpohe F.*